# Ilay Voa Tsara Nafafy 25 Novambra 2018

# 25 **Alahady** novambra

***(Hoy Jesosy :)*** **Aza malahelo ny fonareo... Ao an-tranon'ny Raiko ... handeha hamboatra fitoerana ho anareo Aho. Ary ... ho avy indray ka handray anareo... ka izay itoerako no hitoeranareo koa.**
Jaona 14. 1-3

**Fiandrasana**

*Ho avy Izy, Ilay Tompo itsaohako ;*
*Tsy ho ela dia hanakoako eny an-danitra ny feony.*
*Ny faravodilanitra jereko dia miloko*
*Amin'ny taratra madion'Ilay masoandro mandrakizay.*

*Na mirongatra manodidina ahy aza ny tafiotra,*
*Dia tony aho, satria Ianao no Mpiandry ahy ;*
*Ry Mpamonjiko, afaka mitraka aho,*
*Satria ho avy Ianao handray ahy ho any anilanao.*

*Ny tranon'ny Ray iantsoan'ny fitiavanao ahy,*
*Ilay tanàna masina, fonenan'ireo olom-boafidy,*
*Ary ireo toerana hazavain'ny voninahitra mandrakizay*
*Dia samy sokafanao ho ahy, ry Jesosy.*

*Fahasambarana tsy hay ambara ! Ao amin'ny voninahitrao*
*No hisehoanao amin'ireo navotanao, ry Jesosy,*
*Amin'ny hiakam-pandresena,*
*Mba haka ahy ho eo anilanao ho mandrakizay.*

„Fa ny tenan'ny Tompo no hidina avy any an-danitra, amin'ny fiantsoana sy ny feon'ny arikanjely ary ny trompetran'Andriamanitra, ka izay maty ao amin'i Kristy no hitsangana, aloha ; ary rehefa afaka izany, dia isika izay velona ka mbola mitoetra no hakarina hiaraka aminy ho eny amin'ny rahona, hitsena ny Tompo any amin'ny habakabaka ; dia ho any amin'ny Tompo mandrakariva isika.

Koa dia mifampionòna ianareo, amin'izany teny izany" (1 Tesaloniana 4. 16-18).